# *MANAO INONA ETO IANAO?*

Misaotra anao, Rahalahy Neville. Araka ny nolazaiko, aninkeo maraina, dia tsara foana ny tonga ao an-tranon'ny Tompo.

2 Somary nikasa hiantso tovovavy kely iray aho eto, izao hariva izao, mba hihira hira iray izay henoko nohirainy tany an-tranoko, indray andro. Mino aho fa mbola manana fotoana ho an'izany isika, raha tsy miahotra loatra izy. Ramatoakely Jefferies, inona no heverinao mikasika an'izany, ilay hira kely nohirainao tany? Niditra aho ary naheno an'ilay izy nohiraina, ary tena tiako tsara ilay izy. Ary manantena aho fa tsy manahirana anao aho, mangataka anao hihira an'izany indray. *Teneno Amiko Ny Anarany*, na zavatra tahaka an'izany. Izay ve ilay izy? Te-haheno an'izany indray aho. Fantatro fa hankasitraka an'izany ianareo rehetra.

3 [Elanelana tsy voaraki-peo. Mihira ny *Teneno Amiko Indray Ny Anarany* Ranabavy Jefferies—Mpand.]

4 Oh, tiako fotsiny izany! Tiako Ny Anarany. Fantatrareo ve hoe inona no nahatonga ahy hieritreritra an'izany, izay niantsoako an'io ramatoa kely io hihira an'izany? Namana kely any an-tsekoly an'ny zanakovavy kely izy, Rebekah. Ary niverina aho, indray maraina, nanao zavatra tao an'efitra, ary nandre an'izany hira izany aho. Ary nieritreritra aho hoe, "Eny, asaiko hihira an'izany fotsiny izy any am-piangonana indray andro any."

5 Teny an-dàlana, nitondra an'ireo ankizy nankany am-pianarana aho, ary niresaka taminy mikasika an'ilay hira. Ary hoy izy hoe, "Vao avy nifoha aho . . . " Mety tsy milaza an'ilay izy amin'ireo teny iray ihany aho. Fa hoy izy hoe, "Nifoha aho indray alina, na, ary teo am-pandriana, ary nieritreritra an'io hira io, ka nahazo tena fitahiana iray aho!"

6 Eny, nieritreritra aho hoe, "Tena miavaka izany, ho an'ny zazavavy adolantsento iray, miresaka mikasika ny Fanahy Masina mitahy azy ireo, indrindra ao amin'ity fiaraha-monina ity, ao amin'ity tanàna ity." Mila zazavavy adolantsento betsaka tahaka an'izany isika. Mila isika.

7 Io zazavavy kely hafa izay vao nihira io, ihany koa, teto, minitra vitsy lasa izay. Tsy fantatro ny anarany, fa mankasitraka an'ireo ankizy madinika ireo, zazavavy kely adolantsento, mihira aho. Fantatrareo ve, fa ny dia izay ataontsika dia manao ohatra iray ho an'ireo hafa? Izany marina tokoa.

8 Tantara fahiny iray taona vitsy lasa izay, tany Angletera, dia nisy lehilahy iray. Nihevitra izy fa hivoaka ka hanao fisotroam-

pisakaizana kely tamin'ny fotoan'ny Krismasy, ho fiombonana fotsiny. Dia nivoaka nankeo anivon'ireo mpiara-monina taminy izy ka nifanakalo fanomezana, ary ny olona rehetra nanao taminy hoe, "Ankehitriny, ry John, mandraisa fisotro iray an'ity fotsiny." Ary fisotro kely iray *teto* sy fisotro kely iray *tetsy*, ary lasa tena mamo izy.

9 Ary teny an-dàlany nody, dia tonga ny oram-panala iray, teo amin'ny enina inches. Ary—ary nanaraka azy ny zazanilahy kely. Tsy afaka nitondra azy izy; mamo loatra izy. Ary teny amin'ny làlany nody izy, ary sendra nitodika izy ka nahamarika ny zazanilahy kely saiky nihosinkosina tao anaty ranomandry fotsiny. Dia hoy izy hoe, "Anaka, nahoana ianao no mihosinkosina ao anaty ranomandry?"

10 Hoy izy hoe, "Dada, miezaka manaraka an'ireo dian-tongotrao aho." Dia nalainy teo an-tsandriny ilay zazalahy kely, ka hoy izy, "Andriamanitra, manomboka amin'ity andro ity, dia tsy haka fisotro iray hafa intsony aho."

11 Misy olona iray hanaraka ny dian-tongotrareo. Ndao isika handeha amin'io tsipika mahitsy io, manomboka eo amin'ny fandrian-jaza ka hatrany Kalvary. Izany ireo dian-tongotra; ndao isika handeha ao amin'izy ireo.

12 Ankehitriny, fantatro fa harivan'ny fandraisana izao hariva izao. Ary hanana fotoana fohy fotsiny aho hiresahana aminareo ao amin'ny Teny. Ary izaho—tiako ny miresaka mikasika Azy, satria tena misy Izy amiko.

13 Namaky lahatsoratra kely aho fotoana vitsy lasa izay, nieritreritra an'ireo zazavavy indray. Tany Andrefana no nitrangan'izany. Nisy alina iray nifofofofo, nisy tafio-drivotra, ary nahery ireo rivotra. Ary nisy olona sasany nanao fivoriam-bavaka iray. Ary ilay anankiray izay nitarika ny fivoriam-bavaka dia ramatoa kely iray tena nahasarika. Tsy nieritreritra mikasika ny hisy azy izy, fa nipetraka somary teny amin'ny zorony tao ampitan'ilay tanàna kely izy. Ary mazàna eny an-dàlambe dia nisy olona betsaka tamin'io fotoan'ny alina io. Rehefa nifarana ilay fivoriam-bavaka, dia ho an'ny Tompo ny hiran'izy ireo, ary faly ny fon'izy ireo. Ary ataoko fa, ny rehetra, nahatsapa saiky tahaka ny tsapan-dRahalahy Beeler vao teo izy ireo rehefa nijoro vavolombelona izy. Tena faly fotsiny, tsy nahatana ny hafaliana izy ireo, ka tsy maintsy namela an'izany hivoaka fotsiny tamin'ny fomba iray. Rehefa avy nolazaina ny "amena" farany, dia nanao ny làlany nankany an-tranony izy rehetra.

14 Ary ilay ramatoa kely, tanora, dia naka ny akanjony, ary nampakatra ny vozon'akanjony, ary nanidy ny teo anoloan'izany, ka nandeha teo amin'ny làlambe. Ary tonga izy mba hahita fa nanao ny olona rehetra nankeny amin'ny fatany manokana ilay

alina mangatsiaka. Ary nahita ny tenany irery teny an-dàlambe izy. Ary toy ny hoe manomboka manenjika azy ny loza iray.

15 Fantatrareo, faly aho fa afaka mampitandrina antsika ny amin'ireo zavatra izay ho avy ny Fanahy Masina; handositra an'ireo loza ireo.

16 Ary tsy nieritreritra ny hatahotra mihitsy izy. Ary nanomboka nihira an'io hira fahiny io fotsiny izy: *Tsia, Tsy Irery Mihitsy.* Ary raha nandeha nitety ny tanàna izy, dia toy ny hoe tsy nisy nanelingelina azy, saingy tampoka teo dia nipoitra indray io tahotra lehibe io. Ary sendra nijery izy, nijoro teo akaiky, ary nitsangana teo ny lehilahy iray tena nampatahotra, nijery azy mihitsy, nanatsotra ny sandriny tahaka an'*izao,* nanatona azy.

17 Tsy misy fomba hialàna. Ary tantara marina iray izany. Noho izany dia tsy afaka nihazakazaka izy; ho tratrany izy. Zavatra tokana ihany no hatao. Tsy afaka nihiakiaka izy. Tena nitsoka mafy ny rivotra, saiky nanainga ny vatany niala tamin'ny làlambe. Tsy afaka nanao olona iray handre mihitsy izy. Ary nanajamba fotsiny ilay oram-panala.

18 Ary zavatra tokana ihany no hatao, ny mivavaka izany. Noho izany izy dia nanomboka, teo ambanin'ny feony, nibitsibitsika vavaka iray tamin'Andriamanitra. Ary nilaza izy, tsy fantany mihitsy hoe avy taiza ilay izy, fa, tampoka teo, teo anilan'ny varavarana, dia nisy alika goavana be iray nitsangana. Ary nampitsangana ny volony izy, dia nivoaka nankeo anilany, ary tonga teo amin'ny ilany izay nisy an'ilay lehilahy, ary nanomboka nierona tamim-pahasiahana, rehefa nandalo teo akaikin'ilay lehilahy izy. Ary vantany vao nidina ny làlambe ilay lehilahy, dia nihodina ilay alika ka niverina ary nandry teo ambaravarana.

19 Hiahy ny Azy Manokana Andriamanitra. Andriamanitra, indraindray, dia miasa amin'ny alàlan'ny alika na biby iray mihitsy aza Izy, na amin'ny fomba hafa iray, mba hanehoana ny Voninahiny sy ny Fiarovany. Tena faly aho fa mahafantatra Azy ao amin'ny famelàna ny fahotako, ary miaraka amin'ny antoka fa eo ambanin'ny Rà ireo fahotako, rehefa miaiky Aminy azy ireo isan'andro aho.

20 Aninkeo maraina, tao amin'ny Hafatra, dia mety toy ny hoe nandidy kely aho na henjana kely, fa tsy dia tena lahateny iray loatra ho an'ny—ny asam-panasitranana iray. Saingy efa niaina ela aho mba hahafantatra an'izao, Rahalahy Tony, raha manao fotsiny arak'izay tsapany nahavoatarika azy hanao ny lehilahy iray, dia Andriamanitra no hikarakara ny sisa amin'izany, amin'ny fomba lehibe iray. Fotoana voalohany hany nitrangan'izany tahaka an'izany, teto. Mazàna dia mizara karatra fangataham-bavaka izahay, ary mampitsangana ny olona. Saingy nasain'ny Fanahy Masina hanontany aho hoe firy

ny vahiny tato amin'ny tranobe, izay nameno azy tanteraka. Ary avy eo dia Nampahafantariny azy ireo ny faniriany. Ary ny. . . ary nanambara ny fahasitranan'izy ireo sy ny sisa. Mandeha mampiseho fotsiny, fa, "Ny fankatoavana dia tsaratsara kokoa noho ny fanatitra, mihaino tsara ny. . . ary ny jaboran'ondrilahy."

21 Noho izany, izao hariva izao, dia nifidy Soratra kely iray aho eto mandritra ny fotoana fohy fotsiny, mba hiresaka. Ary alohan'ny hanaovantsika an'izany, dia ndao isika hanondrika ny lohantsika vetivety fotsiny ao amin'ny vavaka.

22 Tompo, Ianao no Andriamanitra, mandrakizay. Ary misaotra sy midera Anao izahay nohon'ny tombontsoa anananay, an'ny fahatongavana eo Anatrehanao, amin'ny alàlan'ny vavaka. Mahafantatra an'izao, voalohany, fa nampanantenaina ho anay izany, hoe, "Raha mangataka zavatra amin'Ny Anarako ianareo, dia Hataoko izany." Ary manana antoka izahay fa hanaiky ny fangatahanay Ianao.

23 Ary tena betsaka ny efa vita, izao hariva izao, ka tsapanay fa raha tsy maintsy hamarana ny fotoana fotsiny izahay ka hody any an-trano, dia afaka hilaza izahay hoe, "Tsara ny tonga teto." Mandre an'ireo hiran'i Ziona, nohiraina tao amin'ny mpanatrika! Mandre ny olona raha mamoaka ny feony ao amin'ny vavaka izy ireo, sy tao amin'ny fisaintsainana, ary tao amin'ireo hira fiderana! Araka ny lazain'ny Soratra hoe, "Mampifaly ao am-ponareo, mihira hira ara-panahy." Mandre an'ireto zazavavy adolantsento kely ireto! Amin'izao ora maizina izao, araka ny nanehoana azy izao hariva izao tamin'ny alàlan'ny Rahalahinay Beeler, izay iainanay, ary mandre azy ireo mihira ny hiran'i Ziona! Mandre ny fanehoan-dRahalahy Beeler Taminao, toy ny ahoana no nankasitrahany Anao, sy izay efa Nataonao, ary ahoana fa Nataonao kilemaina izy, mba hamela azy hahalala hoe inona no hataony tsy misy an'io sandry io ankehitriny. Mampiseho fotsiny izany fa arovan'ny Fahasoavanao sy ny herinao izahay.

24 Aoka izahay rehetra hitandrina, izao hariva izao, Tompo. Satria, mino aho fa izao no fotoana hanaovanay jery todika, fotoana fandinihan-tena, satria tsy fantatray hoe rahoviana no fotoana handoavana. Mety ho tara kokoa noho izay eritreretinay izao. Noho izany dia mamelà anay handinika ny làlanay, izao hariva izao, sy ireo eritreritray.

25 Ary mivavaka izahay mba Hiresahanao aminay mandritry ny fotoana vitsy ao amin'ny Teny, dia tahio izahay ao amin'ny fotoan'ny fandraisana avy eo. Rehefa maka ny ampahany novakivakiana an'io mofo kosher io izahay, sy ny divay, izay maneho ny Vatanao novakivakiana sy ny Rànao nalatsaka, ho famelàna ny fahotanay.

26 Ny pasitera malalanay indrindra, izao hariva izao, dia tsy nahatsapa ho tsara loatra. Saingy, tamin'ny resakay an-telefona, dia napetrany teo ambonin'ny alitara izany. Azoko antoka fa handray an'izany Ianao, Tompo. Ary manolotra vavaka iray amboniny ho azy aho, satria tianay izy ary mila azy izahay. Mivavaka ho azy sy ny fianakaviany izahay, ary ny fianakaviana rehetra izay eto, ary ho an'ireo fangatahana rehetra voalaza izao hariva izao, ary ny tsy voalaza, ihany koa.

27 Tahio bebe kokoa izahay ao amin'ny fivoriana. Fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay, Ny Zanakao. Amena.

28 Te-hamaky ampahany kely iray fotsiny amin'ny Soratra aho eto, hita ao amin'ny Mpanjaka Voalohany 19, ary manomboka amin'ny andininy faha-9.

> *Ary niditra tao anatin'ny zohy izy, ka nitoetra tao; ary, indro, tonga* teo *aminy ny tenin'ny* T*OMPO*, *ka . . . nanao taminy hoe, Manao inona eto ianao, ry Elia?*
>
> *Dia hoy izy hoe, Izaho dia* nafana fo, na *saro-piaro ho an'ny* T*OMPO* *Andriamanitry ny maro:* ary *satria* ny *zanak'Isiraeliny efa nahafoy ny fanekenao, nandrava ny alitaranao, ary namono an'ireo mpaminaninao tamin'ny sabatra; ary izaho, dia izaho* irery, *no sisa; nefa mitady ny aiko izy ireo, haka azy . . .*
>
> *Ary hoy izy hoe, Mivoaha, ka mitsangàna eo ambonin'ny tendrombohitra eo anatrehan'ny* T*OMPO*. *Ary, indro, nandalo ny* T*OMPO*, *ary nisy* tafio-drivotra mahery nandeha ka *namakivaky ny* tendrombohitra, *ary nanorotoro ny vatolampy teo alohan'ny* T*OMPO*; *fa ny* T*OMPO* *tsy tao amin'ny rivotra: ary taorian'ny rivotra dia nisy horohorontany iray; fa ny* T*OMPO* *tsy tao amin'ny horohorontany:*
>
> *Ary taorian'ny horohorontany . . . afo; fa ny* T*OMPO* *tsy tao anaty afo: ary taorian'ny afo dia nisy feo kely malefaka.*
>
> *Ary izany ilay izy, rehefa ren'i Elia izany, dia nosaronany tamin'ny kapôtiny ny tavany, dia nivoaka izy, ka nitsangana teo amin'ny* fidirana *an'ilay zohy. Ary, indro, nisy feo tonga taminy, ka nanao hoe, Manao inona eto ianao, ry Elia?*

29 Te-haka ho an'ny lahateny iray aho, mandritra ny fotoana fohy hoe: *Manao Inona Eto Ianao?*

30 Nanana andro sarotra iray i Elia. Efa teo amin'ny Tendrombohitra Karmela izy, ary efa nahita ny voninahitry ny Tompo nidina. Efa nivavaka ho an'ny afo avy tany an-danitra izy, ary—ary avy eo dia nivavaka ho an'ny ranonorana hidina eto an-tany. Ary tao anatin'izany fisintonana rehetra izany, dia

saiky potika ny herin-tsainy. Oh, toy ny ahoana no mety tsapako ho azy!

31 Ary mahita azy isika eto, voalohany, mitory teny amin'ny firenen'olona mpiverin-dàlana iray. Ary tamin'i Jezebela iray izay nila ny làlany. Ary ny olona dia tonga teo amin'ny toerana iray izay nahafoizany an'Andriamanitra, nahafoy an'ireo Fampanantenany rehetra sy ireo Didiny rehetra, ary tsy nitandrina an'ireo Fitsipiny intsony, ary tsy niraharaha Azy. Ary Elia, tao afovoan'izany rehetra izany, tsy afaka nanao marimaritra iraisana izy. Tsy maintsy nijoro mahatoky tamin'ny faharesen-dahany izy. Oh, toy ny ahoana no itarafan'izany amin'izao andro izao!

32 Ary nanana mpanjakavavy iray izy ireo teo, amin'ny anarana hoe Jezebela. Ary nitarika an'ireo zanak'Israely rehetra ho diso làlana izy, tamin'ny fomba fiainany moderina mahatalanjona. Nanao azy ireo hijangajanga sy hanao zavatra ratsy izy. Raha tsy mirazotra tsara iray ny amin'izao andro izao izany!

33 Fa, Elia, tao afovoan'izany rehetra izany. . . Kanefa, maro tamin'ireo zanak'Isiraely, an'arivony tamin'izy ireo, no nanao marimaritra iraisana, ka te-hiaina an'ilay fironana moderina an'ny fiainana. Kanefa, tsy nanao marimaritra iraisana i Elia. Noteneniny tamin'i Jezebela ny toerany ary ahoana no tokony hataony. Oh, halany io mpaminany io. Fa, toy izany koa, tsy nanaiky azy izy, saingy izy no pasiterany.

34 Oh, matetika izy ireo no tsy te-hanaiky an'izany, fa ny lehilahy iray nirahin'andriamanitra ho amin'ny fiaraha-monina iray dia pasitera iray an'ilay fiaraha-monina manontolo, na Batista izy, Presbyterana, na iza izany. Manosotra ny Lehilahiny Andriamanitra, ary tsy hanao marimaritra iraisana izy. Ary matetika dia mankahala azy ny olona, satria manohana ny Fahamarinana izy, kanefa izy no pasiteran'Andriamanitra ho an'ilay ora.

35 Oh, nohamavoiny izy. Nanao ny zavatra rehetra ahafahany mamono azy izy, kanefa nahatoky tamin'ireo fitsipik'Andriamanitra sy ireo fenitr'Andriamanitra izy. Ireo fetiny moderina sy sosialy, sy ny fandokoany ny tarehiny, ary ny fanaovany ny fitafiany, no nandoto an'io firenena io. Ary tsy nalefaka i Elia antitra. Noteneniny taminy mihitsy izay nitsanganany.

36 Andefaso Elia betsaka izahay Andriamanitra amin'izao andro izao, izay tsy hanao marimaritra iraisana amin'ny fahotana; olona iray izay hitory ny Fahamarinana, tsy mampaninona na maharary mafy toy ny ahoana aza izany. Mbola manana mpanompo foana Andriamanitra ao amin'ny fiaraha-monina tsirairay, izay tsy hanao marimaritra iraisana amin'ireo zavatr'izao tontolo izao.

37 Tsy tian'i Elia ny fironana moderina an'ireo zavatra, noho izany dia nijoro mahatoky tamin'Andriamanitra izy. Ary tonga ny fampisehoan-kery. Ary tonga indray ny fampisehoan-kery.

38 Ary Elia, teo amin'ny Tendrombohitra Karmela, rehefa nihevitra izy ireo fa efa lasa ireo andron'ny fahagagana rehetra, ary tsy mety misy na inona na inona hafa toy ny hoe fahagagana, dia nisy lehilahy iray nino an'izany. Ary hoy izy hoe, "Ento miakatra ireo mpaminaninareo rehetra. Ento miakatra eto an-tendrombohitra izy ireo, ary ndao isika hanaporofo ka hahita hoe iza no Andriamanitra." Tiako io Soratra io.

39 Oh, raha mba nisy fotoana iray, tao amin'ny toerana iray, izay tokony hanao ny Herin'Andriamanitra marina ho tonga voaseho, dia amin'izao andro izao. Ndao isika hanaporofo hoe inona Andriamanitra.

40 Raha ny fianarana no làlana ivoahana mankany amin'ny fahafahana, dia nahoana no tsy mihetsika izany? Raha ny laharana ara-tsosialy, sy ny sisa, no làlana ivoahana, dia nahoana no tsy mihetsika izany? Raha mandoa vola amin'ireo firenena hafa mba ho namantsika. . . Nefa hitantsika fa manodina vodi-tongotra manohitra antsika izy ireo, vantany vao vitany mihitsy. Ary tsy afaka mividy fisakaizana amin'ny vola ianareo. Fanomezan'Andriamanitra ny fisakaizana. Raha ireo fiangonana lehibe sy ny mpampianatra malaza no làlana ivoahana, dia nahoana àry isika no tsy manana betsaka an'Andriamanitra ao amin'ireo fiaraha-monintsika? Nahoana isika no eo amin'ny hetsika mihemotra tsy ankitsahatra? Raha ny fandaharam-pampianarana, sy ny polipitra tsara hofana, sy ny antoko mpihira tsara hofana, ary miala lavitra an'Andriamanitra tsy ankitsahatra isika, isan'andro, amin'izay fotoana izay dia tsy hety izany.

41 Inona no nataon'ny siansa? Siansa, hoy ianareo hoe, "Ho avy ny fotoana ahafahan'ny siansa hanao an'*ity* sy hanao an'*itsy*." Inona no nataon'izy ireo? Nitondra antsika teo amin'ny toerana iray izy ireo hany ka mandrava an'izao tontolo rehetra izao izy ireo. Inona no ataon'izy ireo? Manimba an'izao tontolo izao izy ireo raha tokony manao azy ho tsaratsara kokoa.

42 Vao tsy ela akory izay, rehefa ny Kapiteny Al Farrar an'ny FBI, eo amin'ireo ampahan'ny ditran-jatovo an'i Etazonia, nandray ahy tao amin'ny biraony; taorian'ny nitarihako azy nankeo amin'i Kristy, tao amin'ny toerana fitifirana. Hoy izy, "Rahalahy Branham, Batista iray aho. Reko fa Batista iray ianao."

Hoy aho hoe, "Eny, tompoko."

43 Hoy izy hoe, "Fa tsy manana an'io Fanahy Masina izay resahanao io aho." Hoy izy hoe, "Mihevitra ve ianao fa ho ahy Izany?"

Hoy aho hoe, "Eny, tompoko."

44 Hoy izy hoe, “Eny, hanafatra fanaka tsara tarehy iray aho any ho any ao amin’ny efitry ny hotely tsara iray. Ary ndao izaho sy ianao handeha any, ary angamba ho tonga ao amin’ilay efitry ny hotely Izy ka hameno ahy amin’Ny Fanahiny.”

Hoy aho hoe, “Ianao tsy voatery hanana ho-. . . voatery hanana fanaky ny hotely iray.”

Hoy izy, “Eny, aiza no Hihaonany amiko?”

Hoy aho hoe, “Eto mihitsy.”

45 Hoy izy hoe, “Tsy ho tonga eto amin’ity toerana ity Izy, sa tsy izany Izy, toerana fitifirana iray eto?”

46 Hoy aho hoe, “Niditra tao an-kibon’ny trozona iray Izy ho an’ny anankiray; tao anaty lafaoro afo iray ho an’ny iray hafa. Hihaona aminao eo amin’ny tany rehetra izay hihaonanao Aminy Izy.” Azo antoka. Te-hihaona aminareo Andriamanitra. Te-hiresaka an’izany miaraka aminareo Izy. Ho tonga eo amin’izay misy anareo Izy.

47 Ankehitriny, Jezebela no nandoto an’ilay firenena. Ary teo amin’ny fisintonana iray ireo herin-tsain’i Elia, ary nanao fahagagana lehibe sy nanao famantarana teo ambonin’ilay havoana izy, mba hanaporofoina fa mbola Andriamanitra foana Andriamanitra, ary afaka mamaly amin’ny alàlan’ny fahagagana iray. Ary inona no nentin’izany, vokatra iray? Fandrahonana ho an’ny ainy manokana. Inona no nentiny raha tokony ho fifohazana iray maneran-tany? Nitondra fandrahonana ho an’ny ainy izany.

48 Jezebela, rehefa niteny taminy an’ireo zavatra ireo i Ahaba, dia hoy izy hoe, “Enga anie ireo andriamanitra hanao amiko, ary mihoatra, ihany koa, raha tsy hanapaka ny lohany aho rahampitso hariva amin’ny ora toy izao.”

49 Ary Elia izay niezaka, tamin’ny fo tao anatiny, an’Andriamanitra, niezaka ny haneho tamin’ny olona fa Andriamanitra dia mbola Andriamanitra foana. Ary niverina teo aminy izany. Ary nandositra nankany an-efitra izy rehefa nandre an’izany. Ary teo izy nandry teo ambanin’ny hazo anjavidy, niezaka hahita fampiononana. Izy dia efa—efa nampandeha ny mpanompony, ka nandao azy.

50 Ankehitriny, mandeha amin’ny toerana telo samihafa ny tantarantsika. Ny iray, Tendrombohitra Karmela; ny manaraka, eo ambanin’ny hazo anjavidy; ary ny toerana fahatelo ihaonan’Andriamanitra aminy, dia ao anaty zohy iray izy.

51 Ary tena hafahafa izany. Ny pasitera eto dia mahafantatra, ary ireo mpitoriteny hafa. Diniho, aorian’ny Tendrombohitra Karmelanareo, dia hanana hazo anjavidy iray ianareo. Na oviana na oviana no ahazoan’ny olona fitahiana iray, ka miraraka ny Herin’Andriamanitra ary manao zavatra ho anareo, mitandrema,

eo amin'ny làlana i Satana. Tsarovy fotsiny, ny ampitso, io Alatsinainy io aorian'ny andro tsara iray ny Alahady, ho zavatra sarotra iray izany, satria hanao ny zavatra rehetra izay vitany izy mba hanongotra an'io fahatokiana io hiala aminareo, izay nambolen'ny Fanahy Masina tao anatinareo ny omaly.

Noho izany, nanana andro goavana iray i Elia. Ary nikorontan-tsaina izy, na ahoana na ahoana.

52 Ny mpaminany rehetra dia . . . nolazaina fa adala. Jesosy Kristy dia nolazaina fa adala. Ny tsirairay avy tamin'ireo apostoly dia nolazaina fa adala, tamin'ny besinimaro, satria tena ivelan'ny voajanahary ny asam-panompoan'izy ireo hany ka nihevitra ny olona fa tany ivelan'ny sainy izy ireo. Ny olona rehetra izay miaina masina ao amin'i Kristy Jesosy dia hiaritra fanenjehana. Lasa olona hafa iray ianareo.

53 Araka ny nolazain-dRahalahy Beeler mikasika ny famantarany ery aoriana, lasa nateraka indray ianareo. Lasa olom-baovao ao amin'i Kristy ianareo. Efa lasa ireo zavatra taloha. Tsy mamikitra eo aminareo intsony ireo zavatra ara-nofon'izao tontolo izao, ary ianareo tsy mamikitra eo amin'izy ireo intsony, rehefa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana ianareo.

54 Rehefa azon'Andriamanitra ny olona iray, ny zavatra voalohany Ataony ao amin'ny fiangonana iray dia ny mitondra azy avy amin'ny fanaon'izao tontolo izao ho amin'ny fahamasinana, ary mitondra azy avy amin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana Izy. Nateraka indray izy. Vaovao izy. Vaovao ireo heviny. Ny tena ilaintsika dia fifohazana iray tahaka an'izany, amin'izao andro izao. Marina tokoa izany. Oh, nahazo fampandroana iray an'ny Fanahy isika. Nahazo fitahiana ara-panahy sy fitobahana ara-panahy isika, saingy tsy mila an'izany intsony isika. Mila fifohazana iray an'ny Fanahin'Andriamanitra velona isika, ao am-pon'ny olona. Tsy mila fampandroan'ny Fanahy betsaka isika, na famohazana ara-panahy. Mila fifohazana iray isika, izany hoe, mamelona indray an'izay ananantsika. Tsy famohazana ara-panahy iray; indraindray izany dia miteraka olona betsaka mifangaro. Fa mila fifohazana iray izay hanivana isika, hanozongozona, ary handrantsana an'ireo zavatra rehetra.

55 Tahaka ny mitsangana eo amoron-dranomasina. Niresaka tamin'ny rahalahy sasany tany Porto Rico aho herinandro vitsivitsy lasa izay. Hoe, rehefa nahita an'ilay ranomasina lehibe aho, sy tafio-drivotra mahery, avo kokoa noho ity tabernakla ity ireo onja. Dia hoy aho hoe, "Mba fantatrareo moa? Tsy misy rano indray mitete mihoatra izy ao anatiny noho izy rehefa tony tanteraka. Fa, inona no ataon'io fiontsakontsanana sy fitsambikinana io, ary inona no dikan'izany? Manary ny fako rehetra ao aminy izany, eny amin'ny morona."

56 Izany no ilain'ilay Fiangonana, dia fifohazana iray, mba hanozongozona Azy hiala amin'ny fanaon'izao tontolo izao rehetra sy ireo zavatr'izao tontolo izao, ka hamerina ny fahadiovana sy ny fahamasinan'Andriamanitra, ao am-pon'ireo Mpinony, fanetren-tena.

57 Nahoana, ny olona, mba hahafaly ny tenany, dia tsy mahazo fifohazana iray matetitetika izy ireo, eo amin'ny fanahiny, lasa tena ara-nofo sy tena tsy miraika izy ireo, hany ka lasa mahaleo tena izy ireo, madity, manamarin-tena. Mamaky sy mianatra izy ireo, ary tsara izany, saingy tsy izany ilay zavatra resahantsika. Mahafantatra betsaka mikasika ny Teny ianareo. Tsara ny mahafantatra ny Teny, fa tsaratsara kokoa ny mahafantatra an'ilay Mpanoratra ny Teny. Hitanareo? Io Zavatra kely izay navelanareo io, io Zavatra ao am-po izay manao anareo an'izay maha-izy anareo io, izany ilay zavatra.

58 Ary teneniko aminareo, Elia, sy ny herin-tsainy teo amin'ny tendrony, na ahoana na ahoana, nalahelo azy foana aho, efa saiky vonona ny ho potika ny herin-tsainy, na ahoana na ahoana, ary io kapoka lehibe avy tamin'i Jezebela io no namarana an'ilay fanafihana. Noho izany nandositra izy, ary lasa nankany an-efitra ka nandry teo ambanin'ny hazo anjavidy.

59 Oh, io traikefan'ny hazo anjavidy io! Maro amintsika no mahita ny tenantsika eo ambanin'ny hazo anjavidy. Miditra ao ambany aho ny tenako, imbetsaka, eo amin'ny toerana iray izay tsy ahafantaranareo an'izay hatao. Very hevitra ianareo. Am-pahatsorana, dia eo ambanin'izany aho ankehitriny, ary manontany hoe, "O Andriamanitra, inona no Tianao hataoko?"

60 Fantatrareo, ny olona eo ambanin'ny hazo anjavidy dia tahaka an'i Elia, tia matory izy ireo. Izaho—mitory teny amin'ny olona reraka kokoa noho ny olona rehetra eto amin'izao tontolo izao aho. Tena reraka ny olona. Izy ireo—izy ireo—izy ireo—tena sahirana ara-tsaina izy ireo hany ka izy ireo no mameno an'ireo toerana fitsaboana adala sy ireo hopitaly, hatraiza hatraiza. Nandeha tao anatin'ny toerana iray mampikorontan-tsaina izy ireo hany ka tsy fantatr'izy ireo izay tena inoany, sy izay ilainy. Mandry eo fotsiny izy ireo. Tsy fantany izay hatao. Oh, fahitana mampalahelo iray izany.

61 Henoy eto, ry rahalahiko. Tsy afaka manala an'izany amin'ny fisotroana ianareo. Tsy afaka mampangina an'izany ianareo. Tsy afaka milalao karatra koa ianareo mba hampitony an'izany. Ary afaka manao lasiesta arivo ianareo ary miezaka matory hanala an'izany, fa tsy afaka manao an'izany ianareo. Ny fanafody kelintsika rehetra, ny zavatra tokana ataon'izany dia ny manampy an'ireo soritr'aretina. Tsy maintsy manana fanafody iray ho an'ilay aretina isika. Isika tsy maintsy manana ny . . . Ny mpitsabo aretin-tsaina rehetra eto amin'izao tontolo izao dia tsy afaka manasitrana an'izany. Manampy an'ireo

soritr'aretina fotsiny izany. Ny fanasitranana dia ao amin'ny Ràn'i Jesosy Kristy. Tsy miala sasatra eny amoron-dranomasina. Tsy mandeha maka hiram-pivavahana, antoko mpihira iray hihira hiram-pivavahana. Izany no ezahantsika atao, amin'izao andro izao, manala an'izany amin'ny hira.

62 "Oh, hanao ny tenantsika tahaka an'ireo Jones isika." Ary isika—miezaka manao zavatra hafa isika, miezaka manala an'izany amin'ny fampianarana. Fomba tokana ihany no hanaovana an'izany, izany dia, miatrika an'ireo zava-misy. Marina izany. Oh, raha tezitra sy mikorontana ianareo, aza mikambana amin'ny fiangonana. Manatòna an'i Kristy. Izany no fanafody tokana. Aza mampihatra ka mamadika pejy vaovao. Mandraisa Fiainana vaovao iray fotsiny. Kristy no valiny.

63 Nandry teo izy, teo ambanin'ilay hazo anjavidy. Tsy fantany izay hatao. Rava ny herin-tsainy. Nangovitra izy. Nitomany izy, tsy isalasalana. Ary tao anatin'ny toerana iray mahatsiravina izy.

64 Maro amintsika no tonga eo amin'ireo toerana ireo, indrindra aorian'ny traikefan'ny Tendrombohitra Karmela. Nanontaniana aho, indray andro, avy tamin'ny olona iray, mikasika an'izany. Ary ahoana fa . . . Inona no hataontsika . . . Inona no azo, isika, atao? Inona no azo atao ho antsika amin'izany fotoana izany? Zavatra tokana ihany no hatao: manolotra ny tenanareo ho an'Andriamanitra. Ankehitriny, fantatro fa ny lehilahy iray dia afaka mampiasa be ny tenany tafahoatra, ary ny lehilahy iray dia afaka manao ny tenany tsy hiasa tafahoatra, ny lehilahy iray.

65 Fantatr'Andriamanitra fa mila sakafo ity lehilahy ity. Nila zavatra hohanina izy. Ary teo ambanin'ity toerana eto ity, izay nandriany, dia tsy maintsy nanao zavatra ho azy Andriamanitra.

66 Andriamanitra dia tsy maintsy manao zavatra ho an'ny olona tsirairay izay tonga eo ambanin'ny hazo anjavidy, raha tsy izany dia ho potika izy. Tsy maintsy manao an'izany Izy, raha mandry eo ambanin'ilay hazo ny Mpanompony, any, tsy mahafantatra an'izay tokony hatao. Nanatanteraka ny fanirahany izy.

Hoy Elia hoe, "O Tompo, avelao aho ho faty."

67 Efa nanana an'ireo fahatsapana ireo aho taorian'ny nivoahako avy tao amin'ny fivoriana iray, ka toy ny hoe nanandrana aho, sy nitory teny, ary niangavy, ary nandresy lahatra, ka nahita an'ilay Anjelin'Andriamanitra nitety ny fivoriana sy nanao famantarana ary fahagagana. Ary nipetraka tao anaty fiara tany ivelany aho, ka nandre azy ireo niantsoantso, nanao hoe, "Tsy misy afa-tsy psykolojia. Tsy misy na inona na inona amin'Izany. Tsy misy na inona na inona amin'Izany. Fahadalana daholo izany."

68 Oh, noho izany dia nandady tao ambanin'ny hazo anjavidy aho. Mieritreritra aho hoe, "Tompo, nahoana Ianao no—

nahoana Ianao no namela ahy hanao an'izany? Inona no azo atao?" Saingy isika rehetra dia mandalo amin'ireo traikefa ireo. Fa, ny famindram-pon'i Jehovah, amin'ny Mpanompony! Fantatr'Andriamanitra ireo fizahan-toetranareo. Fantaro fotsiny izao, Fantany ny mikasika an'izany rehetra izany, noho izany dia midina Izy.

69 Ary Fantany fa mila fitsaharana ny Mpanompony, noho izany dia Ampatoriany vetivety fotsiny izy; raha mbola mandry eo izy, miandry mba hahazo aina, na mivavaka mba ho faty. "Tompo, efa maty ireo razako, talohako, ary ankehitriny dia alao ny aiko. Efa nahavita betsaka aho. Niady ny ady tsara aho, nahatanteraka ny fihazakazahana aho." Saingy mbola nisy asa tokony hatao anefa. Tsy mbola nahavita tamin'ny Mpaminaniny Andriamanitra. Mbola nanana asa foana izy.

70 Tsy mampaninona na impiry isika no mitaraina, sy mieritreritra *an'ity, itsy,* na ny *hafa*, tsy misy na inona na inona afaka manala antsika mandra-pahavitan'Andriamanitra amintsika. Tena faly aho mahafantatra an'izany.

71 Indraindray ianareo dia mahatsapa, tahaka ny nataoko indray mandeha, nametraka basy teo amin'ny lohako, mba hamono tena, saingy tsy nety vitako ilay izy. Nesoriko ny fonon-tànako, mba hametraka azy teo amin'ny tariby misy volta ambony rehefa niasa aho, saingy tsy nety vitako ilay izy. Mbola nisy Zavatra nihazona foana. Ilay Andriamanitra iray ihany izay niaraka tamin'i Elia, ilay Andriamanitra iray ihany, androany! Hitany teo ambanin'ilay hazo anjavidy aho. Ny vadiko sy ny zazakeliko mandry ao am-pasana any; ary ny dadako, ny rahalahiko, sy ny rehetra. Saiky vita fotsiny ny amiko, ny tenako. Nandry teo ambanin'ny hazo anjavidy aho. Mafy ilay izy. Ary tonga teo amin'ny toerana iray aho, tena tany ivelan'ny tenako aho, niezaka ny hanao basy iray hitififitra ny atidohako; tsy nanao an'izany ilay izy. Hitanareo? Misy asa mbola hatao. Misy zavatra tsy maintsy vita. Tsy mbola nahavita Andriamanitra. Hikarakara anareo foana Izy.

72 Mpanompo mahantra, reraka, sasatra! Hitany izy. Fantany ny toerana nisy azy.

73 Fantany ny toerana misy anareo, izao hariva izao. Mety ho eo ambanin'ny hazo anjavidy iray ianareo, lasa ny zava-drehetra, saingy, tsarovy, Fantany izay misy anareo. Tsy mila betsaka hamboarina indray isika.

74 Tahaka ny nolazain'ilay vehivavy mainty hoditra antitra, any Atsimo. Tratry ny lozam-piarakodia izy; fiara iray no nandona azy. Ary izany dia . . . Tena nandratra azy mafy izany, ary ilay— ary hoy ilay mpisolovava hoe, "Te-hitory haka honitra ve ianao?"

75 Hoy izy hoe, "Ry mpisolovava, mamindrà fo! Tsia, malala." Hoy izy, "Manana fahasimbana betsaka aho. Mila fanamboarana iray aho."

76 Ary heveriko fa niteny tsara ho an'ity fiaraha-monina ity izy, sy ity fiangonana ity, izao hariva izao, ary ity Amerika voaozona ho any amin'ny helo ity. Tsy miverin-dàlana izy; efa vita ny aminy. Izy tsy—tsy eo amin'ny làlany mankany amin'ny helo izy; efa nifanena tamin'ny helo izy. Tsy very izy, ho very; efa very izy. Tsy mila mitory haka honitra izy; mila fanamboarana iray izy. Izany no fahamarinana. Fantany izay misy anareo. Fantany izay handrianareo.

77 Ary naniraka Anjely iray Izy. Ary nikasika azy ilay Anjely, dia natory izy. Ary rehefa nifoha izy, dia nisy mofomamy katsaka iray, na karazana mofomamy iray, masaka, nipetraka teo anilany. Dia hoy Izy hoe, "Elia, mitsangàna ka mihinàna." Izany no fahasoavan'Andriamanitra, ho an'ny Mpanompony. Hitanareo, mampitsahatra azy Izy.

78 Fantatrareo, hoy Jesosy hoe, "Avia hihataka, hankany an-efitra, ka ndao isika hiala sasatra vetivety." Ny sasany amin'ireo zalahy ireo izay mihevitra fa tsy tokony hiala sasatra ianareo, dia hitantsika fa izy ireo dia trotraka haingana mihitsy, ihany koa. Raha tsy miala sasatra izy ireo, dia mahita ny tenany ho rava tanteraka any ho any. Heveriko fa eo no misy ny Rahalahintsika Billy Graham, izao hariva izao, miezaka ny hihoatra an'ilay marika. Matanjaka ireto vatan'olombelona ireto, saingy mila fitsaharana izy ireo.

79 Noho izany dia afaka miala sasatra kely ianareo, ary mandehana any ho any, dia hitsikera anareo izy ireo, hanao hoe, "Nihevitra aho fa mpitory teny iray izy. Jereo izy, eo amin'ilay morona, manjono," na zavatra tahaka an'izany. Saingy tsy maninona izany. Hikarakara ny Azy Manokana Jehovah.

80 Ary raha mbola nandry teo izy, teo ambanin'ilay hazo, sasatra sy sosotra, dia nampitonian'Andriamanitra ny herintsainy. Nofahanany izy. Nofohaziny indray izy, dia nofahanany indray izy, ka nampatoriany indray.

81 Fantatrareo, mazàna aho no nanontany hoe inona no tao anatin'ireo mofomamy ireo. Karazana vitamina inona no azony tao amin'ireo mofomamy ireo? Kanefa, na inona na inona no tao, dia nampaharitra azy efapolo andro sy efapolo alina izany. Nandeha tamin'ny herin'ireo mofomamy ireo izy.

82 Andriamanitra dia mahafantatra, izao hariva izao, fa mila ny sasany amin'izy ireo aho. Ary azoko antoka fa mila ny sasany amin'izy ireo ity fiangonana ity. Avia hihataka, lavitra an'izao tontolo izao, ary ndao isika hiala sasatra kely. Ndao isika hiresaka kely.

83 Tsy manam-potoana hialàna sasatra ianareo, hoy ianareo. Nilaza an'izany i John Wesley, indray mandeha. Hoy izy, "Matahotra ny hiala sasatra aho. Tsy manam-potoana hialàna sasatra aho." Ary mahita ny tenanareo torotoro ianareo, raha tsy maka an'ireo fitsaharana ireo.

84 Ary hitantsika, noho izany, fa nandeha efapolo andro sy efapolo alina izy, ary hitan'Andriamanitra izy, nitsangana, na niafina tao anaty zohy iray. Ary te-hisarika ny fifantohany Andriamanitra. Noho izany dia nisy tafio-drivotra mafy nandalo, ka namaky ny tendrombohitra izany. Tena nahery be ilay izy hany ka nanozongozona an'ireo vatolampy izany, fa tsy tao anatin'ny tafio-drivotra Andriamanitra. Nandeha talohan'ny nandalovan'Andriamanitra izany. Ary avy eo dia tonga, indray, ny horohorontany lehibe iray izay nanozongozona ny tany, fa, mbola, tsy tao anatin'ilay horohorontany Andriamanitra. Ary tonga ny afo, fa tsy tao anatin'ilay afo Andriamanitra. Ary avy eo dia tonga ny Feo kely malefaka iray, ary tao anatin'ilay Feo Andriamanitra.

85 Ary, rahalahy, ranabavy, efa nijanona ela tao anaty zohy iray aho, ary ianareo, ihany koa, mba hahafantatra fa nisy horohorontany betsaka nanozongozona, tabataba sy korontana betsaka, sy ahiahy, sy ireo zavatra tahaka an'izany, ary ireo fivoriana goavana. Fa taiza Andriamanitra, tao amin'izany? Izany no antony nilazako an'izay nataoko aninkeo maraina. Tsy maintsy misy zavatra lalina kokoa noho ny asam-panasitranana iray. Tsy maintsy misy zavatra lalina kokoa noho ny fanomezam-pahasoavana iray hitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra. Tsy maintsy misy zavatra lalina kokoa noho ny rivotra mahery mifofofofo. Nandeha ny rivotra, fa tsy tao anatin'izany Andriamanitra. Nanana rivotra mahery mifofofofo isika, manerana ny firenena, ary fahatsapana, ary rà eo amin'ny tarehy, sy amin'ny tànana, ireo karazana famantarana rehetra. Fa aiza Andriamanitra?

86 Niandry i Elia. Kanefa, mpaminany iray izy, saingy nihaino an'Izany izy. Tsy nivoaka mba hampitaha an'ireo fifohazana tamin'izy ireo mihitsy izy. Tsy nivoaka mba hahazo an'ilay tranolay lehibe indrindra teo amin'ny firenena mihitsy izy. Tsy nivoaka mba handeha eo amin'ny televiziona mihitsy izy, sy ny sisa, araka ny iantsoantsika azy.

87 Ny korontana lehibe rehetra, ary meloka amin'ny fihainoana an'ireo tabataba ireo i Amerika. Oh, tia tabataba isika, fa tsy ao anatin'ny tabataba Andriamanitra. Na dia, mendrikaja sy ny sisa, aza izy ireo, dia, tsy ao anatin'ny tabataba Andriamanitra. Raha efa izany ilay izy, rehefa nikapoka an'ireo tam-tam ireo Afrikana, dia tsy mbola nandre an'izany karazana tabataba sy gadona izany mihitsy ianareo. Tsy tao anatin'izany Andriamanitra. Ary nanana rivotra mahery mifofofofo isika. Nanana an'ireo karazana afo rehetra isika, sy ireo horohorontany, sy fihozongozonana, ary fifohazana lehibe, sy ireo zavatra tahaka an'izany. Tsy tao anatin'izany Andriamanitra. Raha nisy izany, dia ho naneho ny tenany izany.

88 Fa, taorian'izany, dia tonga ny Feo kely malefaka iray, tamin'izay fotoana izay dia tao anatin'ilay Feo Andriamanitra.

89 Izany no eritreretiko androany, ry sakaiza. Isika olona dia tena—dia tena entin'ny tabataba rehetra. Noho izany, tia tabataba i Amerika. Jereo izay ataon'izy ireo. Mandefa an'ireny radio tranainy ireny izy ireo, mafy araka izay vitany, miaraka amin'ny rock-and-roll, sy boogie-woogie, io karazan-javatra rehetra io. Tsy maintsy manao an'izany tena mafy izy ireo, hanapoaka ny ampongan-tsofinareo izany, saiky, ny tabataba rehetra, mandritra ny andro manontolo.

90 Ary ao am-piangonana, mikapoka an'ireo ampongatapaka isika, nihazakazaka mandroso-sy-miverina, sy nikiakiaka sy nihorakoraka, ary nihogahoga, ary nanana fotoana iray lehibe tahaka an'izany. Tsy misy na inona na inona manohitra an'izany, fa taiza no nisy an'Andriamanitra tao amin'izany? Inona no nataon'izany? Namotika antsika ho potipotiny kely izany, antsoina hoe Assemblées de Dieu, ny fiangonan'Andriamanitra, ny Pentekotista Mitambatra an'ny Tokana, ireo anaram-piangonana kely hafa rehetra ireo. Tsy tao anatin'izany Andriamanitra. Mpialoha làlana iray an'Andriamanitra izany. Rafi-trano iray izany.

91 Rehefa mahita ny mody-antsoina hoe Kristianisma ianareo amin'izao andro izao, ny olona izay mandeha any am-piangonana ka—ka miaina an'ireo fiainana mendrika ireo, ary mivoaka ka mandà ny fanasitranana, sy mandà ny Herin'Andriamanitra, ary mandà fiainana iray voatokana, miantso anareo hoe "fanatika," dia tsarovy, rafi-trano iray izany. Izany dia . . . Rahalahy Wood, mino aho fa ianao dia miantso an'izany hoe esafodazy. Sandoka iray izany. Rafitra iray izay any ivelany izany. Mitsangana eo ambonin'izany fotsiny Andriamanitra, mba hanorina an'ilay tranobe. Voninahitra ho an'Andriamanitra! Rafitra sandoka iray izay hopotehina fotsiny izany.

92 Niteha-tànana isika, ka nanao hoe, "Voninahitra ho an'Andriamanitra! Rehefa mihiakiaka ianareo, dia manana Azy." Nilaza an'izany ireo Metodista, ireo Nazareana. Hitan'izy ireo fa tsy nanana an'Izany izy ireo.

93 Hoy ny Pentekotista hoe, "Mitehafa tànana ianareo ary mihiakiaha, mandra-pitenenanareo amin'ny fiteny tsy fantatra. Efa nahazo Azy ianareo." Saingy hitantsika fa tsy nanana Azy isika.

94 Mbola misy zavatra iray tavela. "Ary, Andriamanitra, ento mankany amin'ny zohy iray izay ahafahako mahita an'Izany aho." Ndao raisintsika io Feo kely malefaka io, io Zavatra izay mametraka ny hero-dronono ao amin'ny fiainana io. Io Zavatra io, hoe, "Na dia miteny amin'ny fitenin'ny olona sy ny Anjely aza ianareo, nefa tsy manana an'Izany, dia tsinontsinona ianareo. Na dia afaka maminany sy miteny amin'ny fiteny tsy fantatra aza ianareo, sy maneho famantarana sy fahagagana, ary manao

fahagagana sy manao famantarana lehibe, fa, raha io Feo kely, kely malefaka io no tsy ao, dia tsinontsinona ianareo," hoy ny Soratra. Izany no henointsika ankehitriny.

95 Nanana an'ireo kotrokorana isika. Nanana ny afo isika. Nanana rivotra mifofofofo sy ireo horohorontany isika. Fa, "Andriamanitra, alefaso ho anay ilay Feo kely malefaka." Izany no ilaintsika. Henoy, rahalahy. Mila an'io Feo kely malefaka io isika, Feo kely malefaka iray izay niteny.

96 Jesosy. Hoy Izy, "Tsy afaka mandre Ny Feony eny an-dàlambe ianareo. Tsy nandre Azy niantsoantso ianareo." Izy no modelintsika. Jereo Izy. Izy dia nampitahaina, Ny Fanahiny, tahaka ny voromailala iray, malemy fanahy.

97 Ireo zava-dehibe dia ireo zavatra mangina. Efa fantatrareo ve izany, ry sakaiza? Henoy. Ny masoandro, izay manome aina eto ambonin'ny tany, ho an'ny zava-manan'aina rehetra, eo amin'ny fiainan-java-boahary, ny fiainan-java-maniry, ny fiainan'ny hazo, inona koa, mitondra aina izy, mitondra ny masoandro. Ary afaka misintona rano iray tapitrisa galona avy amin'ny tany izy, ary manao tabataba kely kokoa noho izay azontsika atao amin'ny siny iray avy amin'ny paompy. Hitanareo? Izany no zavatra goavana. Ny zavatra mangina no zavatra goavana. Efa mba nandre ny tany mihodina ve ianareo? Efa nandre an'ireo planeta ve ianareo rehefa nandalo an'ireo fihodinana izy ireo? Mba mandre anankiray ve ianareo? Izany no zavatra goavana. Efa mba nandre ny masoandro miposaka ve ianareo?

98 Oh, mihevitra isika fa tsy maintsy manana tabataba betsaka isika, tsy maintsy manana zava-maneno vita amin'ny varahina, ho kapohina, fitsambikinana ambony-sy-ambany betsaka, raha tsy izany dia tsy manana fivoriana tsara iray isika. Mihevitra isika fa tsy maintsy ho eo amin'ny tampony, mitehaka ny tànany sy ny sisa izy ireo. Mihevitra isika fa tsy maintsy mandeha amin'ny gadona ny zava-maneno, ary mihazakazaka mandroso-sy-miverina eo amin'ny làlantsara ny olona rehetra. Efa nanana an'izany isika. Inona no soa vitan'izany? Aiza no misy azy? Aiza no nitondran'izany antsika amin'izao andro izao? Ao anatin'ny andiana fifanjevoana iray, andian'anarampiangonana; nisaraka, rava ny firahalahiana. Izany tokoa, rava izany. Izany ilay valalavao tranainy, sy kijeja, ary—ary ireo karazana bibikely rehetra avy tany aoriana tany tamin'ny voalohany. Ary nahita i Joba, na . . . Nahita azy ireo i Joela. "Izay sisan'ny kijeja, nohanin'ny valalavao; ary izay nohanin'ny valalavao, nohanin'ny valala," sy ny sisa, mandra-pihinantsika azy hatrany amin'ny vodi-hazo iray.

99 Fa hoy ny Soratra hoe, "Izaho no hamerina, hoy ny Tompo." Miandry zavatra isika.

100 Avy amin'ny fikiakiahana rehetra, dia efa nanana fipoahana sy tabataba betsaka isika mba—mba hanova fo an'izao tontolo rehetra izao. Nanana fihorakorahana sy fivazavazana ary hadalana betsaka isika. Hany ka, inona no nataon'izany? Tsy nanorina an'ilay Fiangonana izany. Nanorina anarampiangonana izany. Nanao ny lehilahy hivoaka niaraka amin'ny hevitra mieboebo sy mihambohambo izany. Tsy tiako izany zavatra izany. Mivoaka eo amin'ny lampihazo, manao hoe, "Oh, jereo izy. Andriana iray izy. Jereo hoe toy ny ahoana no fitafiny, voadio fotsiny sy ny zavatra rehetra. Fantany hoe ahoana no anaovana an'ireo zanatsorany, sy ny sisa." Tsy izany no fidian'Andriamanitra.

101 Nieritreritra an'izany ny mpaminany iray, indray andro. Hanosotra mpanompo iray izy. Hoy izy hoe, "Izy no goavana indrindra ao amin'ny fianakaviana. Ho mety tsara izy." Saingy nolavin'Andriamanitra izy.

102 Tsy mila manana andriana isika, sy—sy ny sisa, hitsangana eo tahaka ny tsy-fantatro-hoe-inona. Ilay izy dia tsy ireo akanjo izay anaovanareo, na ny fahaiza-miteny itenenanareo. Ilay izy dia Zavatra izay ao anatinareo, io Feon'Andriamanitra io. Izay ilay izy.

103 Nandalo teo amin'ny iray hafa ilay mpaminany, nanao hoe, "Tsy izy izany. Nolavin'Andriamanitra izy." Nandalo iray hafa. Hoy izy, "Tsy manana iray hafa ve ianao?"

104 Hoy izy, "Manana anankiray kely, mena hoditra antitra kely izahay, eto any amin'ny ilan'ny havoana any, miandry ny ondry." Davida izany.

105 Rehefa nentin'izy ireo io zalahy kely, mena-loha, tarehy feno tasy teo io, ary ny sorony kely, milatsaka, ary hoditr'ondry no nirakotra manodidina azy, dia hoy Andriamanitra hoe, "Io no izy."

106 Tsy nandeha niaraka tamin'Andriamanitra ireo toeranareo goavana sy mihambohambo. Mety ho D.D.D. ianareo, Ph.D., na L.-roa D. Mety ho eveka ianareo, papa, na mety ho inona na inona ianareo. Fa mila an'Andriamanitra ny manao zavatra avy amin'ny tsinontsinona. Raha mbola afaka ny ho tsinontsinona foana ianareo, dia Andriamanitra no Zavatra. Raha mbola afaka manala ny tenanareo amin'ny làlana foana ianareo, amin'izay fotoana izay dia afaka miditra Andriamanitra. Fa rehefa tena mibontsimbontsina sy madity ianareo, hany ka manana ny goavana indrindra sy ny tsara indrindra, dia tsy manana na inona na inona izay tokony anananareo ianareo: izany dia fo manetry tena eo anatrehan'Andriamanitra. Ary fantatsika izany, ry rahalahy. Izany tokoa. Azo antoka.

107 Tsy nahita mihitsy ianareo, na . . . nandre ny masoandro miposaka. Tsy nandre an'izany mihitsy ianareo. Efa mba nivoaka ve ianareo, amin'ny alina, mba handre ny ando milatsaka? Inona

no ho nataontsika raha tsy misy an'izany? Hitanareo, tsy izany no ilain'ilay izy.

108 Hiteny zavatra iray aminareo aho ankehitriny. Izany dia ilay malefaka . . . Tsy ny rano misamboaravoara izay manao tabataba goavana, sy mitsambikina ambony-sy-ambany, no mampitaratra ny hatsaran'ny kintana, ao anatiny. Izany dia ilay dobo kely izay lalina sy tony, no maneho ny hatsaran'ny kintana.

109 Ny ilaintsika, izao hariva izao, dia ilay traikefa lalina, manan-karena, io Zavatra ao anatintsika io. Izany—tsy mila mihiakiaka izany, kanefa mety. Fa isika dia mametraka ny tsindrim-peo rehetra eo amin'ny hiakiakantsika. Mety tsy niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra mihitsy izy, kanefa mety. Fa apetratsika eo amin'izany ilay tsindrim-peo rehetra. [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]

110 Mety tsy nanatrika ny fivorian'i Billy Graham izy, ny fivorian'i Oral Roberts, na ny fivoriako. Tsy voatery hanatrika ianareo. Ny tsy maintsy ananany dia io halalin'ny Fitiavan'Andriamanitra Mandrakizay io. Io Fanahy ao anatiny io, izany no manao anareo an'izay maha-izy anareo.

111 Izany no noresahiko, aninkeo maraina. Izany no nisintonako, an'ilay Fiangonana mankany Kalvary, mandroso sy miverina. Aza mihevitra hoe satria efa niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra ianareo, na hoe mahafantatra betsaka mikasika ny Soratra ianareo, na mamaky bokin'olona iray ianareo, ka mahafantatra betsaka noho ilay olona hafa. Hoy Izy hoe, "Asio marika izay misento sy mitaraina nohon'ny fahavetavetana izay atao ao an-tanàna." Iza no Hasiany marika ao an-tanànantsika, izao hariva izao? Hitanareo, ilay izy dia ny halalin'ny Fanahy, fa tsy ilay marivo. Tsy ny akorany eo amin'ny—eo amin'ny voan'ny hickory no tsara. Ilay izy dia ilay voan'ny hickory eo ambanin'ilay akorany. Manana akorany goavana iray foana ianareo. Tsy manana na inona na inona ianareo ao ambany ao. Ny ilaintsika, izao hariva izao, dia ny halalin'ny fitiavan'Andriamanitra.

112 Ary rehefa nandre an'io Feo kely malefaka io i Elia, dia tsy nisy na inona na inona nanelingelina azy.

113 Inona no renareo tao amin'izany rehetra izany? Handeha ianareo, afaka andro vitsivitsy. Nandre an'i Billy Graham ianareo. Handre an'i Oral Roberts ianareo. Handre an'ireo hafa ianareo, lehilahy malaza. Tsy misy na inona na inona manohitra an'ireo lehilahy ireo; mpanompon'Andriamanitra izy ireo. Fa aza mihaino an'ilay tabataba. Henoy io Feo kely malefaka io, io halalin'ny Zavatra izay miditra ao ampon'olombelona io, izay manala ny hadalana rehetra aminareo. Manala an'izao tontolo rehetra izao aminareo izany. Manao anareo hankahala an'ireo zavatr'izao tontolo izao izany ka ho tia an'ireo zavatr'Andriamanitra. Izany no halalina, izany ilay dobo izay mampitaratra ny kintan'ny voninahitr'Andriamanitra

Mandrakizay. Izany no zavatra mamoaka ranomaso eo amin'ny maso, mitondra fifaliana tsy hay lazaina, ary feno voninahitra. Manao anareo hijoro izany rehefa tsy mahomby ny zavatra hafa rehetra aminareo. Izany no manao . . . Rehefa tonga ny aretina, na dia ny fahafatesana izy tenany aza, dia mbola manana ny taratr'ireo fitahian'Andriamanitra ao anatiny foana izy; io dobo kely izay lalina io, ary mampitaratra ny lanitra, fa tsy ny fisamboaravoara sy ny tabataban'ilay rano. Tsy dia tena lalina ny rano misamboaravoara. Ireo rano tony no lalina.

114 Enga anie Andriamanitra hanampy antsika, izao hariva izao, ry sakaiza, raha manatona ny latabatry ny fandraisana isika, mba hahatsiaro an'izany; tsy mampaninona izay ataontsika ety ivelany, firy ireo zavatra tsara ataontsika.

115 Hoy ianareo hoe, "Eny, Rahalahy Branham, mandeha any am-piangonana aho. Miezaka miaina ny tsara indrindra izay vitako aho." Tsara. Tsy misy na inona na inona manohitra an'izany, rahalahy. "Efa niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra aho, Rahalahy Branham. Efa nihiakiaka tao amin'ny Fanahy aho." Tsara izany. Fa tsy izany no resahako, rahalahy. Mbola tsy izy foana izany. Tsy izany no resahako.

116 Io Feo kely malefaka io no resahako, ilay Zavatra manankarena sy an'ny mpanjaka. Izany, hitako ireo mama antitra fahiny rehefa nidina teto amin'ity làlantsara ity izy ireo, taona maro lasa izay, ny ranomaso no mikoriana avy amin'ny takolany, rehefa nitsangana ny zazalahy mpanota iray, hanatona ny alitara.

117 Amin'izao andro andro izao, manao antso iray aho, ary mahita zazalahy iray tonga, mipetraka izy ireo ary mitsamontsamona ny siligaomany. Inona no olana? Verinareo ilay *fandrenesana* an'izany.

118 Inona no renareo? Inona no renao? Eo amin'ny andro farany isika.

119 Mandre ianareo eo amin'ny televiziona, sy eo amin'ny radio, eo amin'ny magazininareo, eo amin'ny gazetinareo, fa hisy tadio manerana ny firenena indray andro any. Inona no henoinareo, mba handrenesana an'io fanairana rehetra io, mandeha ny radionareo, ny tontolo andro, miaraka amin'io fahadalana tsy misy dikany rehetra io, mba handre hoe rahoviana no hilatsaka ireo bala, na ireo baomba? Tsy mihaino an'izany karazan-javatra izany aho.

120 Mihaino aho mba handre Feo iray manao hoe, "Miakara ambony kokoa. Tsara izany, ry Mpanompoko tsara sady mahatoky."

121 Inona no renao? Fantatrareo, mieritreritra aho fa tena liana amin'ny fihainoana tsara mihitsy an'ireo zavatra rehetra an'izao tontolo izao isika, sy ireo zavatra tahaka an'izany, tsy afaka mandre an'io Feo kely, kely malefaka io isika.

122 Mandre ny pasiterantsika isika manao hoe, “Mikambàna fotsiny ao amin’ny fiangonana, dia ho mety tsara izany.” Mandre ny sasany amin’izy ireo isika manao hoe, “Mitenena fotsiny amin’ny fiteny tsy fantatra, dia tapitra ny rehetra.” Hoy ny sasany amin’izy ireo hoe, “Mihiakiaha fotsiny, dia tapitra ny rehetra.”

123 Tsy afaka mandre an’io Feo kely, kely malefaka izay mametraka Zavatra manan-karena sy lalina ao amin’ny fiainana io isika, manao anareo an’izay tokony haha-izy anareo.

124 Ny vary dia tsy mitondra vary satria eo amin’ny voaloboka iray na amin’ny taho iray izy. Ny ahi-dratsy iray koa dia eo amin’ny taho iray. Saingy mila an’ilay aina ao amin’io voaloboka io izy mba hamokatra vary. Ny rano izay milatsaka eo amboniny dia hanondraka azy roa ireo. Samy hifaly ao amin’izany izy roa. Samy hitombo ao amin’izany izy roa.

125 Ny lehilahy sy ny vehivavy dia afaka mitombo, mihiakiaka sy midera an’Andriamanitra, miteny amin’ny fiteny tsy fantatra ary mikambana amin’ny fiangonana, mandihy ao amin’ny Fanahy sy mandoa ny ampahafolon-karena, nefa tsy mbola, ao am-pony, io Feo kely malefaka an’ny fitiavan’Andriamanitra manan-karena, lalina io.

126 “Na dia atolotro ho dorana ho fanatitra iray aza ny tenako, nefa tsy manana fitiavana, dia tsinontsinona aho. Na dia omeko hamahanana ny mahantra aza ny fananako rehetra, dia mbola tsinontsinona foana aho. Raha manana finoana hamindra tendrombohitra aho, mbola tsinontsinona foana aho. Izaho—izaho—tena miteny amin’ny fiteny tsy fantatra aho, tahaka ny olona sy Anjely, dia mbola tsinontsinona foana aho.” Hitanareo? Io Feo kely malefaka izay miteny ao am-ponareo io, no manova ny toetra tsirairay, manao ny natiora ho hafa, ka lasa olombaovao ao amin’i Kristy ianareo.

127 Inona no renao? Miankina amin’izay henoinareo izany, ry sakaiza. Raha mihaino ianareo, mandre . . . tsy misy fanamarihana, tsy misy fisaintsainana, fa raha mihaino ianareo, mandre fifohazana lehibe iray any ho any, izay misy olona iray alina miangona, dia mandrosoa; mihaino an’ilay zavatra tsy izy ianareo. “Handeha aho ka hahita. Milaza izy ireo fa manana vahoaka betsaka.” Tsy manao fahasamihafana izany na kely aza. Manana an’izany ireo kianja fanaovana hazakazaka. Ny zavatra hafa rehetra dia manana an’izany. Ny mpanao rock-and-roll dia manana an’izany.

“Handeha aho mba . . . Handeha any ho an’ny zavatra hafa aho.”

128 Raha mandeha ho an’ny zavatra hafa ianareo afa-tsy . . . Raha mihaino ho an’ny zavatra hafa afa-tsy io Feo kely malefaka io ianareo, dia miverena ao amin’ilay zohy. Miverena eo ambanin’ilay hazo anjavidy, mandra-pahafahantsika

miomana. Hazòny hipetraka tsara ny tenanareo, ka miandrasa. Avelao handalo ireo kotrokorana. Avelao hanozongozona ny horohorontany. Avelao handeha ilay rivotra mifofofofo, ary hamafa ny afo, na inona na inona tiany. Mieritreritra an'ilay hira aho:

> Ampianaro aho, Tompo, ahoana no hiandrasana rehefa miredareda ny fo,
> Avelao aho hampietry ny avonavoko, hiantso Ny Anaranao;
> Havaozy ny finoako, ny masoko eo Aminao,
> Avelao aho eto amin'ity tany ity ho izay Tianao haha-izy ahy.

Izany no tiako hatao.

> Ireo izay miandry ny Tompo, dia hanavao ny heriny,
> Elatra no hiakarany tahaka ny voromahery,

Mino an'izany ve ianareo?

> Hihazakazaka izy ireo fa tsy ho sasatra, handeha izy ireo fa tsy ho reraka;
> Ampianaro aho, Tompo, ampianaro aho, Tompo, ahoana no iandrasana.

129 Avelao handalo ireo kotrokorana. Avelao handalo ny afo. Fa avelao aho handre an'ilay Feo kely malefaka, manao hoe, "Mankanesa atỳ Amiko, ianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana. Mivoaha avy eo ambanin'ny hazo anjavidy. Mivoaha ao amin'ny zohinareo."

130 Te-handrakotra ny finoako aho, manatrika Ny Ràny, mandroso ka manao hoe, "Eny, Tompo. Mino aho ankehitriny."

Ndao isika hivavaka.

131 O Tompo, Mpamorona ny lanitra sy ny tany, Mpanao ny Fiainana mandrakizay, sady mpanome ny fanomezana tsara rehetra, mamindrà fo aminay, Tompo. Mitsangana izahay ankehitriny ao amin'ny filàna handre. Ireo feonay, Tompo, dia efa niakatra.

132 Ary ankehitriny dia efa nandre feo maro be izahay. Tena betsaka no milaza hoe, "Mankanesa eto amin'*ity* fiangonana ity. Raha hikambana amin'ny fiangonanay ianao! Izahay no manana ny vondrona tsara indrindra eto an-tanàna, ny olona tsara akanjo indrindra. Mandeha any amin'ny toeranay ny ben'ny tanàna."

133 Ary vahoaka maro, ao amin'ny fivoriany, Tompo, no manao an'ireo governora, sy ny sisa, ho tonga ka hanao kabary. O Andriamanitra, ampanalaviro ahy izany, Tompo. Afeno ao anaty zohy iray aho ary avelao aho hiandry, Tompo. Inona no iraharahiako an'izay lazain'ny governora? Te-handre an'io Feo

kely malefaky ny Mpamonjiko io aho. Oh, ampio aho hiandry, Tompo, ka hanavao ny heriko raha miandry Anao aho.

134 Ary ampio ity fiangonana ity, Tompo, mba hiandrasan'izy ireo Anao, ary havaozy ny finoan'izy ireo, ary havaozy ny herin'izy ireo, hiakatra tahaka ny elatry ny voromahery. Enga anie izy ireo hihaino, Tompo, tsy ny tabataba, tsy ny hiakiaka, fa hihaino an'ilay Feo kely malefaka.

135 Tompo, afaka andro vitsivitsy, dia hiakatra ao anaty zohy iray aho any, mba hiandry. O Andriamanitra, ampio aho, Tompo. Ajambao aho, ary ataovy marenina ireo sofiko, amin'ireo zavatr'izao tontolo izao, nohon'ny fahamamian-koditra, na nohon'ny laza, na nohon'ny zava-poana rehetra izay azon'izao tontolo izao atolotra. Avelao aho hijanona eo, Tompo, mandrapandrenesako an'ilay Feo kely malefaka. Avy eo dia aoka ny Mpanomponao handroso, Tompo, hiakatra, eo ambonin'ny elatry ny Voromahery iray. Ekeo izany, Tompo.

136 Tahio ity fiangonana kely ity. Tahio ny Rahalahinay Neville. Esory ao amin'ny vavoniny io aretina io, Tompo, ary roahy miala aminy izany. Apetraho ao anatin'ilay lamboridy izy, Tompo, ary avelao izy hiverina eto, nohavaozina. "Hanavao ny heriny izy ireo." Ekeo izany, Tompo.

137 Mamelà anay ny amin'ireo fahotanay. Manatona ny latabatry ny fandraisana izahay ankehitriny, Tompo. Hoy Ianao hoe, "Izay mihinana sy misotro an'izany amin'ny tsy fahamendrehana, dia mihinana sy misotro fanamelohana ho an'ny tenany, raha tsy mamantatra ny tenan'ny Tompo." Ampio izahay, Tompo, handinika ny fanahinay, ny fonay. Ary zahao toetra izahay ka jereo raha misy zavatra maloto mikasika anay. Raha misy, dia mamelà anay, O Andriamanitra, raha miandry Anao amim-panetre-tena izahay. Mangataka an'izany izahay amin'ny Anaran'i Jesosy, Ilay Zanakao. Amena.

> Ampianaro aho, Tompo, mba hiandry, handohalika,
> Ary amin'ny Fotoanao tsara Manokana dia hamaly ny fiangaviako Ianao; (Marina izany.)
> Ampianaro aho tsy hiantehitra amin'izay ataon'ireo hafa,
> Fa hiandry am-bavaka valiny iray avy Aminao.

138 Izany no tiako, valiny iray avy any An-danitra. Te-handre Ny Feony aho, fa tsy ny feon'ny mpikarakara, tsy ny feon'ny ben'ny tanàna, tsy ny feon'ny governora, tsy ny feon'ny eveka. Te-handre Ny Feonao aho, Tompo. Io fahamoram-panahy sy ny fahalemem-panahin'ny Fanahy Masina io miteny ato am-poko hoe, "Mankanesa atỳ Amiko, ianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana." Eny, Tompo, mipetraka eo ambanin'ny hazo anjavidy iray izahay ankehitriny. Miandry izahay, hahita an'izay Holazainy.

139 Ny Tompo dia nitahy anareo, ny tsirairay avy, ankehitriny. Firy no te-hotsarovana ao amin'ny vavaka? Aoka ho hitanay ianareo manangana ny tànanareo. Manaova hoe, "Tompo, ampianaro aho hiandry. Ampianaro aho. Avelao—avelao—avelao aho hanadino ny reharehako rehetra. Rehefa mandalo ireo hafa, manao zavatra lehibe tahaka an'izao, dia avelao aho hampietry ny reharehako, hiantso Ny Anaranao fotsiny. Ampianaro aho tsy hiantehitra amin'izay ataon'ireo hafa, fa hiandry am-bavaka fotsiny valiny iray avy Aminao."

140 Tahaka ny nataon'i Elia. Niandry teo izy. Nandre ny kotrokorana izy. Nandre ny tselatra izy. Nandre ny fitresahan'ireo vatolampy izy. Nandre ny afo izy. Nandre ny rivotra izy. Saingy tsy izany no notadiaviny. Tsy nanetsika an'ilay mpaminany akory aza izany. Navelany nandalo izany. Fa rehefa io Feo kely malefaka io, noraisiny ny kapôtiny ka napetrany teo amin'ny tavany, ary nankany amin'ny faran'ilay zohy izy. Ary hoy ny Tompo hoe, "Mandehana, mitsangàna etsy ambonin'ny vatolampy etsy."

Izany no tiako ho re, "Mitsangàna eo amin'ilay vatolampy." Eny àry.

141 Fotoana fandraisana izao ankehitriny. Ny Tompo hitahy anareo. Heveriko fa, voalohany, alohan'ny hanaovantsika an'izany, dia te-hanolotra vavaka ho an'ny tsirairay avy eto izay nanangana ny tànany isika, izay nila an'Andriamanitra marina tokoa hiresaka amin'izy ireo. Misy aminareo eto ve eo ambanin'ny hazo anjavidy, izao hariva izao? Atsangano ny tànanareo. Azo antoka. Azo antoka, ao isika. Maro aminareo eto no ao anaty zohy, miandry.

142 Efa nahita an'ireo zavatra rehetra ireo nandalo ianareo. Efa nandre an'ireo fifohazana lehibe an'i Billy Graham ianareo, an'i Oral Roberts, ny ahy manokana, taiza na taiza hafa, Tommy Osborn, Tommy Hicks, mandalo ireo rehetra ireo. Fa aiza no misy Azy? Aiza io Feo io?

143 Hoy ianareo hoe, "Efa nihiakiaka niaraka tamin'ireo Jessups aho. Izaho efa—efa nandihy tao amin'ny Fanahy niaraka tamin'ireo Musical Harts aho. Efa nanana an'ireo zavatra hafa rehetra ireo aho. Efa nataoko izany rehetra izany. Fa aiza io Zavatra io, Rahalahy Branham, izay manery ahy sy mametraka enta-mavesatra eo amiko ho an'ireo fanahy very, hany ka tsy afaka miala sasatra fotsiny aho nohon'ny amin'izany?"

144 Ankehitriny, izany no ilay karazany tokana izay hiditra. Izany no nolazain'ny Baiboly. "Asio tombokase eo amin'ireo izay misento sy mitaraina fotsiny ihany nohon'ny fahavetavetana atao ao an-tanàna." Oh, eo no ilantsika an'izany, ry sakaiza.

Ndao isika hivavaka indray.

145 Tompo! Azafady, Tompo! Oh, mety hihira be loatra aho. Mety hitory teny be loatra aho. Mety hihiakiaka be loatra aho. Mety

hitomany be loatra aho. Nefa tsy hivavaka be loatra mihitsy aho. O Andriamanitra, diniho aho ka zahao toetra aho.

146 Vao avy niresaka, vao teo, mikasika an'ireo dobo lalina, ahoana fa mampitaratra ny kintana izy ireo; ametraho ny halalin'Ny Fanahinao ao anatinay, Tompo, araka ny nolazain'i Davida mpaminany hoe, "Tariho eo akaikin'ireo rano milamina aho," tsy ny rano misamboaravoara. Ireo rano milamina, tariho eo aho, Tompo. Ataovy mipetraka tsara aho. Mikorontan-tsaina aho, mikorontana tanteraka aho.

147 Efa nanao ny zavatra rehetra izay Notenenìnao hatao aho, araka ny fantatro. Efa nitety ny firenena aho, nanerana an'izao tontolo izao, nitory teny, sy niantsoantso, ary nandresy lahatra. Efa nahatoky tamin'ny fanehoana an'io famantaran'ny Mesia io Ianao, mba hanehoana fa Ianao, Tompo, no manao an'izany, fa tsy olona iray. Mankasitraka aho ny amin'izany. Fa, Tompo, eto ambanin'ilay hazo anjavidy aho, izao hariva izao. Manontany aho hoe, "Nahoana izy ireo no tsy mibebaka? Nahoana ity Amerika ity no tsy afaka mahita an'izany, Tompo?" Tena donto ve ny sainy? Tena voarafitra ve ny fiangonana, tena tery? Ary tsy hiara-hiasa izy ireo. Tsy hanao afa-tsy ny hitsikera izy ireo.

148 Saingy azoko antoka, izao hariva izao, tahaka azy tamin'i Elia, teo ambanin'ilay hazo, efa nanana fito arivo Ianao, mbola, izay tsy nanao ny lohaliny handohalika tamin'i Bala. Manana olo-masina maro eto an-tany Ianao ankehitriny, miandry ny Fihavian'ny Tompo.

149 O Tompo, mamindrà fo aminay. Zahao toetra izahay, ka ataovy eo amin'ny Mizàna fandanjanao. Ary raha hitanay fa tsy ampy izahay, O Tompo, dia diovy izahay amin'izay fotoana izay ho afaka amin'ny fahotanay. Ary ataovy amin'izay Tianao hahaizy anay izahay. Ekeo izany ho an'ny isam-batan'olona tsirairay ato amin'ity fiangonana ity. Fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena.

150 Ankehitriny dia ho fotoan'ny fandraisana izao. Mivavaka izahay mba hitahian'Andriamanitra anareo ankehitriny. Izay rehetra tsy maintsy handeha, ary tsy te-handray ny fandraisana, dia hihaona eto amin'ny Alarobia hariva, hihaona eto indray.

151 Aza adino ny mivavaka ho ahy. Hila an'izany aho ankehitriny. Afaka andro vitsivitsy manaraka, dia hila vavaka aho. Ankehitriny dia aza raisina am-pahamaivanana izany, fa apetraho ao am-ponareo aho ka mivavaha ho ahy. Mila ny vavakareo aho. Manana fanapahan-kevitra horaisina aho izay mety hidika ho fahasamihafan'ny fanahy an-tapitrisany. Misy zavatra tsy maintsy atao. Nandeha lavitra arak'izay vitako aho, tamin'ny heriko manokana. Izaho—tsy maintsy mahazo fahitana avy amin'Andriamanitra aho, ho an'ny tenako. Haneho amiko Izy ho an'ireo hafa, saingy izaho—tsy maintsy manana

zavatra ho an'ny tenako aho. Mila an'izany aho. Mivavaha ho ahy. Halefany izany raha hivavaka fotsiny ianareo.

152 Nandeha fiara manodidina aho, androany, nijery manodidina. Nandeha tany an-tranonao aho, Rahalahy Roy. Ary tsy te-hiditra aho; nisy fiara iray nipetraka tany. Tokony hamangy anao sy Ranabavy Slaughter aho. Nandeha fiara manodidina izaho sy Meda. Hoy aho hoe, "Eny, hiverina isika any aoriana kely," saingy sahirana aho ka tsy niverina. Nandeha manodidina, mitaingina fiara, teny amin'ireo làlana, nieritreritra hoe, "O Andriamanitra, misy zavatra tsy maintsy atao. Tsy maintsy mifikitra Aminao fotsiny aho any ho any."

153 Manery ny ora. Ireo—mipetraka ireo aizina. Eto ny andro farany, iray minitra alohan'ny misasak'alina. Jereo ny fanatrehan'ny fahavalo, ny fihovitrovitra, ny fihetseham-po, ny toeran'ny fikorontanan-tsaina, ny fihenjanan'izao tontolo izao, nefa tsy mahafantatra fa izany no fiafaranareo. Hitanareo? Oh, oadray! Ndao isika hiakatra amin'ny elatra tahaka ny voromahery, ankehitriny, hanidina eo an-tSandriny izay tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay.

154 Ankehitriny, izay rehetra te-hijanona ho an'ny fandraisana, dia ho faly izahay ny hanana anareo ao amin'ity fotoan'ny fiombonana ity.

155 Ankehitriny, manana ny Korintiana Voalohany ianareo, mino aho, toko faha-11, eo. Asaiko ianao hamaky an'izany izao ankehitriny izao, arak'izany, Rahalahy Neville, raha sitrakao. [Mamaky ny Korintiana Voalohany 11:23-32 Rahalahy Neville—Mpand.]

> [*Fa izaho efa nandray tamin'ny Tompo izay natolotro anareo koa, fa ny Tompo Jesosy dia nandray mofo tamin'iny alina iny izay namadihana Azy:*]
>
> [*Ary rehefa nisaotra izy, dia novakiany izany, ka nanao hoe, Raiso, hano: ity no tenako, izay notorotoroina ho anareo: izao no ataovy ho fahatsiarovana ahy.*]
>
> [*Ary toy izany koa rehefa nandray ny kapoaka izy, rehefa avy nihinana izy, dia nanao hoe, Ity kapoaka ity no fanekena vaovao amin'ny ràko: izao no ataovy, na oviana na oviana no misotro ianareo, ho fahatsiarovana ahy.*]
>
> [*Fa na oviana na oviana ianareo no mihinana an'ity mofo ity, sy misotro an'ity kapoaka ity, dia manambara ny fahafatesan'ny Tompo ianareo mandra-pihaviny.*]
>
> [*Koa amin'izany na iza na iza no mihinana an'ity mofo ity, sy misotro amin'ity kapoaky ny Tompo ity, amin'ny tsy fahamendrehana, dia ho meloka ny amin'ny tena sy ny ràn'ny Tompo.*]

[*Fa aoka ny olona hamantatra ny tenany, dia aoka izy hihinana an'ity mofo ity, sy hisotro amin'ity kapoaka ity.*]

[*Fa izay mihinana sy misotro amin'ny tsy fahamendrehana, dia mihinana sy misotro fanamelohana ho an'ny tenany, raha tsy mamantatra ny tenan'ny Tompo.*]

[*Ary noho izany dia maro no osa sy marary eo anivonareo, ary maro no efa nodimandry.*]

[*Fa raha mitsara ny tenantsika isika, dia tsy hotsaraina.*]

[*Fa raha tsaraina isika, dia faizan'ny Tompo, mba tsy hohelohina miaraka amin'izao tontolo izao.*]

156 Tsy mila fanazavana izany, fa izao fotsiny izany, "Raha mihinana sy misotro amin'ny tsy fahamendrehana isika, dia mihinana sy misotro fanamelohana ho an'ny tenantsika, raha tsy mamantatra ny tenan'ny Tompo. Ary noho izany dia maro no osa sy marary eo anivonareo, ary maro no maty," hitanareo, rehefa manatona handray ny fandraisana isika.

157 Ny Kristiana tsirairay dia tokony handray ny fandraisana. Adidinareo izany. Fampisehoan-kery iray izany. Hitanareo? Hoy Jesosy hoe, "Raha tsy mandray an'izany ianareo, dia tsy manana anjara Amiko." Hitanareo?

158 "Fa izay mihinana sy misotro amin'ny tsy fahamendrehana, dia mihinana sy misotro fanamelohana ho an'ny tenany." Izany hoe, raha mbola mivoaka miaraka amin'izao tontolo izao foana ianareo, ary manao an'ireo zavatr'izao tontolo izao, ka mahita anareo mandray ny fandraisana ny olona, dia manao ratsy ianareo. Mitondra fahafaham-baraka ho anareo fotsiny ianareo. Ary handratra anareo fotsiny izany. Ilay izy tsy hoe handratra an'Andriamanitra. Handratra anareo izany. Ary noho izany dia tokony handinika ny tenany ny olona iray.

159 Ary alohan'ny hanatonantsika an'ity fotoana masina ity, dia mangataha amin'Andriamanitra mba handinika ny fiainako. Ary raha nanao zavatra izay tsy marina aho, dia mamelà ahy ny amin'izany. Izaho—tsy fanahy iniako ny hanao an'izany. Hahitsiko izany raha hanambara an'izany amiko Izy. Ary hangataka an'ilay zavatra iray ihany ho anareo aho. Hoy Izy, "Raha miangona ianareo, dia mifampiandrasa." Izany hoe, "Mifampiandrasa, ary mifampivavaha."

160 Te-handray an'ity fandraisana ity isika. Ary raha tsy manao an'izany isika, dia tsy manana anjara Aminy. Izany no Nolazainy. Voalohany . . . Na, Masindahy Jaona, ny toko faha-6.

161 Ankehitriny, ndao fotsiny isika hivavaka. Ianareo mivavaka ho ahy, mangina, raha mivavaka ho anareo aho.

162 [Mivavaka moramora Rahalahy Branham—Mpand.] Mivavaka aho mba Hamelanao anay, amin'ny finoana. Aoka Ny Fanahinao, O Andriamanitra, ho tonga. Mivavaka aho mba Hamelanao anay ny amin'ireo helokay rehetra tamin'ny olona . . .?. . .mamelà ny . . .?. . .

163 O Tompo, henoy ny vavakay. Izao no vavakay ho an'ny famelàna, Tompo. Mivavaka ho an'ny famelàna izahay. Mivavaka ho an'ny famindrampo izahay. Mamelà anay, Tompo. Araka ny voasoratra ao amin'Ny Teninao hoe, "Mamelà ny helokay, tahaka ny amelanay an'ireo izay meloka taminay. Ary aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy, fa manafaha anay amin'ny ratsy. Fa Anao ny fanjakana, sy ny hery, ary ny voninahitra, mandrakizay. Amena."

Mino aho fa manana betsaka ianao . . .

59-0301E Manao Inona Eto Ianao?
Branham Tabernacle
Jeffersonville, Indiana U.S.A.

MALAGASY

©2024 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org

## Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:



VOICE OF GOD RECORDINGS

P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.

www.branham.org